


# TORO-LALANA AMIN'NY FANOMEZAN' ANTOKA ARA-PITSARANA HO AN'IREO VOAFONJA ETO MADAGASIKARA

*« Manjavozavo matetika ny rafitra ara-pitsarana ady heloka ho an'ireo voafonja miandry ny fotoam-pitsarana azy amin'ny fitazonana sy ny fikarakarana azy ireo any am-ponja raha ampihatahina amin'ny fanahara-maso an'ireo gadra efa voaheloka. (…). Ny antoka sy ny fepetra rehetra ara-drafitra izay tsy mifanaraka velively amin'ny fenitra faran'ny ambany azo ekena, sy manohintohina ny Fanjakana tan-dalàna, dia misy fiatraikany amin'ny rafitra ankapoben'ny rojon'ny fitsarana ady heloka, mandanilany foana ny fananambahoakaary mampidi-doza ny fiainan'ny voafonja »*

**H. Med SK Kaggwa**
*Mpitondra teny manokan'ny CADHP teo aloha*

**MADAGASIKARA**

# FIZAHANA TAKELAKA


**I. NY ZO AMIN'NY FAHAFAHANA SY AMIN'NY FIAROVANA HO AN'IREO OLONA VOAFONJA ETO MADAGASIKARA** 1

- **A.** Topimaso amin'ny fitaovana ampiasana eo amin'ny sehatra iraisam-pirenena sy isam-paritra 1
- **B.** Topimaso amin'ny fitaovana ampiasana eto an-toerana 2

**II. FITAMBARAN'NY TAHIRIN-KEVITRA AMIN'NY FITANANA AM-PONJA IREO OLONA MIANDRY NY FITSARANA AZY AMIN'NY LALANA MALAGASY** 3

- **A.** Ny momban'ny voafonja ara-pitsarana 3
- **B.** Ireo olona afaka manara-maso ny antontan-taratasin'ny voafonja 4

**III. FITANANA AM-PONJA IREO OLONA MIANDRY NY FITSARANA AZY AMIN'NY LALANA MALAGASY** 5

- **A.** Fepetra amin'ny fampidirana am-ponja ireo olana miandry ny fitsarana azy sy ny antoka ara-pitsarana ho an'ny voafonja 5
- **B.** Ny dingana harahina amin'ny fampidirana am-ponja ireo olana miandry ny fitsarana azy 8

**IV. NY FE-POTOANA VOAFETRAN'NY LALANA HO AN'IREO OLONA MIANDRY NY FITSARANA AZY ANY AM-PONJA** 10

**V. IREO DINGANA AZO HATAO RAHA TRATRY NY FITANANA AM-PONJA TSY ARA-DRARINY IREO VOAFONJA MIANDRY FITSARANA** 14

- **A.** Ireo fitaovana ilaina mba hamatarana fa niharan'ny fitanana am-ponja tsy ara-drariny 15
- **B.** Fangatahana azo atao raha niharan'ny fitanana am-ponja tsy ara-drariny 15
  1. Fangatahana fahafahana vonjy maika
  2. Fampiharana ny andininy 335 ny Lalàna mifehy ny paika ady heloka

**TOVANA : SATAN'NY FITONDRAN-TENAN'NY MPANOLO-TENA**



**TEO AMBANY FITARIHAN'I :** Marie Salphati, Guillaume Colin, Lionel Grassy

**NIARAKA TAMIN'NY FANDRAISANA ANJARA** : Maître Maria Raharinarivonirina, Maître Yanalde Mohamed, Maître Mamihaja Raherimiarantsoa, Maître Maïté Raharinarivonirina, Maître Anja Randriamapianina sy Ramatoa Laure Rabetokotany

**FISAORANA :** Ho an'ireo nandray fitenana sy mpandray anjara rehetra tamin'ny atrik'asa fankatoavana ny toro-lalana : ny mpitsara, ny mpandraharahan'ny fonja, ny mpandraharahan'ny fitsarana, ny solontenan'ny Ministeran'ny Fitsarana, ny solontenan'ny *Haut-Commissariat des Nations Unies* amin'ny zon'olombelona, ireo mpikambana amin'ny ACAT Madagasikara sy ireo fikambanana hafa avy amin'ny fiaraha-monim-pirenena.



© *Federasiona iraisam-pirenena amin'ny Hetsika Krsitianana amin'ny fandrodanana ny fampijaliana – Janoary 2018*


# I. NY ZO AMIN'NY FAHAFAHANSY AMIN'NY FIAROVANA HO AN'IREO VOAFONJA ALOHAN'NY FITSARANA ETO MADAGASIKARA

## A. TOPIMASO AMIN'NY FITAOVANA AMPIASAINA EO AMIN'NY SEHATRA IRAISAM-PIRENENA SY ISAM-PARITRA

### FANAMBARANA IRAISAM-PIRENENA MOMBAN'NY ZON'OLOMBELONA TAMIN'NY 10 DESAMBRA 1948

**Andininy 5 :** *« Tsy misy azo hampiharana ny fampijaliana, na ireo sazy na ireo fomba feno habibiana, tsy mifanaraka amin'ny maha olona na mampietry tanteraka. »*

### FIFANARAHANA IRAISAM-PIRENENA MANOHITRA NY FAMPIJALIANA LANY TAMIN'NY 10 DESAMBRA 1984

**Andininy voalohany :** *« Araka ny voalazan'ity fifanakena ity, ny teny hoe fampijaliana dia ny fihetsika rehetra miteraka fanaintainana, fangirifiriana mafy, ara-batana na ara-moraly, iniana atao tamin'ny olona iray na olona hafa hanery azy hanome torohay na hanao fianken-keloka, na hanasaziana azy na olona hafa nanao heloka na voarohirohy nahavita ny heloka, hampitahorana na hanindriana azy na koa hampitahorana na hanindriana olona hafa na nohon'ny antony hafa mifototra amin'ny fanavakavahana na amin'ny endriny inona na amin'ny endriny inona, ka izany fangirifiriana na fanaintainana izany dia nampiharain'ny mpiasam-panjakana iray na olona hafa manana andraikitra ara-panjakana na tamin'ny alalany na miaraka amin'ny fanekena nihiniana nataony na nifanarahana. Io famaritana io dia tsy mahakasika ny fanaintainana na ny fangirifiriana vokatry ny fanasaziana ara-drariny, na noho ny fanasaziana ara-drariny.*

*Io andininy io dia tsy misakana ny fampiharana ireo fitaovana iraisam-pirenena na ireo lalàna rehetra eo anivon'ny firenena izay ahitana na mety ahitana fepetra mivelatra kokoa. »*

**Andininy 16.1 :** *« Ny firenena rehetra dia nanaiky ny fandrarana aoamin'ny taniny eo ambanin'ny fahefam-pitsarana ny endrika sazyna ireo fomba feno habibiana, tsy mifanaraka amin'ny maha olona na mampietry tanteraka izay tsy tafiditra amin'ny fomba fampijaliana araka ny voafaritra ao amin'ny andininy voalohany rehefa izany fomba izany no nataon'ny olom-panjakana iray na rehefa mety olona hafa manatanteraka izany ara-panjakana, na amin'ny alalan'ny na miaraka amin'ny fanekeny manokana na hifanarahana. »*

### FIFANEKENA IRAISAM-PIRENENA MIFANARAKA AMIN'IREO LALÀNA SIVILY SY POLITIKA NANKATOAVINA TAMIN'NY 16 DESAMBRA 1966

**Andininy 9 :** « **1.** *Ny olona tsirairay dia manan-jo amin'ny fahafahana sy amin'ny fiarvana ny tenany. Tsy azo samborina fotsiny amin'izao na tanana am-ponja amin'ny fonba tsy ara-dalàna. Tsy azo sakanana ny fahafahan'ny tsirairay, raha tsy misy antony mifanaraka amin'ny lalàna manan-kery.*

**2.** *Ny olona iray samborina dia hampilazana, amin'ny fotoana hisamborana azy, ny antony ny fisamborana azy sy hahazo (notificaton), ao anatin'ny fotoana fohy, ireo fitoriana natao taminy.*

**3.** *Ny olona iray voasambotra na olona voatanana nohon'ny heloka nataony dia tsy mantsy hatolotra ao anatin'ny fotoana fohy ny mpitsara na ny manam-pahefana hafa havanana amin'ny fampiharana ny lalàna, sy hotsaraina ao anatin'ny fe-potoana ara-dalàna na hafahana. Ny fitanana am-ponja vonjy maka ireo olona izay miandry ny fitsarana azy dia tsy tokony hanaraka fepetra, fa ny fanomezana azy fahafahana vonjy maika dia tsy afaka misaraka amin'ny fanomezan-tokiny fa hiatrika ny fotoam-fitsarana ilay olona voampanga, ny dingana rehetra ara-pitsarana azy, ny fampiharana ny didim-pitsarana.*

**4.** *Na iza na iza fefena amin'ny fahafahany amin'ny fisamborana na fitanana am-ponja azy dia afaka mametraka fangatahana eo anoloan'ny fitsarana mba ahazoan'ity farany ao anatin'ny fe-potoana voafaritry ny lalàna momban'ny fitanana am-ponja sy mamoka azy raha tsy mifanaraka amin'ny lalàna ny fitanana azy.*

**5.** *Ny olona rehetra tratry ny fisamborana na fitanana am-ponja tsy ara-dalànadia manan-jo hahazo onitra. »*

#### NY FITAMBARAN'IREO FEPETRA AMBANY INDRINDRA MOMBAN'NY FIKARAKARANA IREO VOAFONJA, FEHI-KEVITRA 70/175 NANKATOAVINA TAMIN'NY 17 DESAMBRA 2015 ARY TSY NISY NITSIPAKA (FEPETRA NELSON MANDELA)

**Fitsipika 1 :** *« Ireo voafonja rehetra dia karakaraina miaraka amin'ny fanajana azy sy ny maha izy azy amin'ny maha olombelona. Tsy misy na voafonja iray aza azo hampiharana fampijaliana matsiravina, tsy mifanaraka amin'ny maha olombelona na mivarilavo, ireo voafoja rehetra dia voaharo manolona ireo fomba mamohehatra ireo, izay tsy azo hamarinina mihitsy na amin'ny fisehoan-javatra manao ahoana na amin'ny endrin-javatra manao ahoana. Ny fiarovana sy ny fiarovana ireo voafonja, ny mpiasan'ny fonja, ireo mandray anjara amin'ny asan'ny fonja, ireo mpamaky ny voafonja dia tsy maintsy voaharo amin'ny fotoana rehetra. »*

#### SATA AFRIKANA MIARO NY ZON'OLOMBELONA SY NY VAHAOAKA NANKATOAVINA TAMIN'NY 27 JONA 1981

**Andininy 6 :** *« Ny olona rehetra dia manan-jo amin'ny fahafahana sy ny fiarovana ny tenany. Tsy misy azo fefena amin'ny fahafahany ny olona saingy raha misy antony sy tafiditra amin'ireo fepetra voafaritry ny lalàna; singaniny manokana amin'izany fa tsy misy na iza na iza azo samborina na tanana am-ponja amin'ny fomba tsy ara-dalàna. »*

**Ireo andininy 3 sy 4 amin'ny soratra mamaritra ny antony nananganana ny Vondrona afrikana** izay nilazana fa ireo Firenena mpikambana dia manaiky ny hampivelatra sy hanaja ny endrika mahamasina ny fiainan'ny olombelona, ny fahefan'ny lalàna, ny fanjakana tsara tantana sy ireo fenitra ara-demokratika.

#### IREO TORIMARIKAHO AN'NY FANDRARANA SY NY FIAROVANA NY FAMPIJALIANA ANY AFRIKA (TORO-LALANA FOTOTRA I ROBBEN ISLAND) NANKATOAVIN'NY VAOMIERA AFRIKANA MIARO NY ZON'OLOMBELONA SY IREO VAHOAKA TAMIN'NY VOLANA OKTOBRA 2002

**Andininy 30 :** *« Mandray ireo fepetra amin'ny fametrahana registra ara-panjakana iray ahitana ireo olona rehetra izay nesorina taminy ny fahafahana ka manamarika, isaky ny an-dalana, ny daty, ny ora, ny toerana, ny antony nihazomana azy am-ponja dia ho voatana an-tsoratra isan'andro any amin'ny toerana rehetra hitanana azy am-ponja ; »*

**Andininy 33 :** *« Mandray ireo fepetra amin'ireo olona rehetra izay nesorina taminy ny fahafahana mba hifanaraka ka ho karakaraina manaraka ny fenitra iraisam-pirenena izay voarakitra ao anatin'ny Fitambaramben'ny fitsipika ambany indrindra fa fikarakarana ireo voatana am-ponja, nankatoavin'ny Firenena Mikambana ; »*

**Andininy 42 : «** *Mandrisika sy manamora ny fitsidihan'ireo Fikambanana tsy miankina (ONG) ireo toerana fitazomana am-ponja ».*

#### FENITRA TSY MAINTSY ARAHANA AMIN'NY FOMBA FANATANTERAHANA FISAMBORANA, FITANANA HANAOVANA FAMOTORANA SY FITANANA AM-PONJA VONJY MAIKA ANY AFRIKA IZAY NANKATOAVIN'NY CADHP TAMIN'NY VOLANA MAI 2014 (FENITRA TSY MAINTSY ARAHANA DE LUANDA)

**Ny fitsipika amin'ny ankapobeny :** *« ny fomba fitenenana hoe « fitanana am-ponja vonjy maika » dia ny fe-potoana hitanana am-ponja vony maika omen'ny manam-pahefana ara-pitsarana eo ampiandrasana ny fotoam-pitsarana. »*

*« Ireo olona nahazo didim-pitsarana savaravina momban'ny fitanana am-ponja vonjy maika dia manana zo hanohitra ny maha ara-dalàna ny fitazomana am-ponja azy amin'ny fotoana rehetra sy mangataka ny fahafahana eo no eo raha toa mari-pototra ny fitanana am-ponja azy tsy ara-dalàna na tsy ara-drariny »*



## B. TOPIMASO AMIN'NY FITAOVANA ETO AN-TOERANA

#### LALÀMPANORENAN'NY REPOBIKA FAHAEFATRA AN'I MADAGASIKARA

**Andininy 8 :** *« […] Tsy misy olona azo ampahoriana, saziana na ampijaliana amin'ny fomba tafahoatra sy tsy mendrika manetry ny maha-olombelona. »*

**Andininy 9 :** *« Ny olona rehetra dia manan-jo min'ny fahalalahana ary tsy azo samborina na tànana am-ponja tsy amin'antony. Tsy misy azo enjehina na samborina na tànana am-ponja raha tsy noho ny anton-javatra voafaritry ny lalàna ary araka ny fomba voadidiny. Izay niharan'ny fisamborana na fitànana am-ponja tsy ara-dalàna dia manan-jo hahazo onitra. »*

#### LALÀNA N°2008-008 MANOHITRA NY FAMPIJALIANA SY IREO FOMBA HAFA NA FAMPIJALIANA AMIN'NY FOMBA TAFAHOATRA SY TSY MENDRIKA MANETRY NY MAHA-OLOMBELONA

**Ny andininy 2** mamerina ny voalazan'ny famaritana momban'ny fampijaliana izay ao amin'ny andininy 1 ny fifanarahana momban'ny fampijaliana nataon'ny Firenena Mikambana.

**Ny andininy 4** io lalàna io dia manamafy : « *Raha vao mipaika ny fotoana ka mihatra ny fampharana tsy fahalalahan'ny olona iray, dia tsy maintsy hampiharina ireo antoka fototra :*

*- Manan-jony hilazana ny mpikambana iray ao amin'ny fianakaviany na olona hfa mifandray aminy momban'ny fitanana azy am-ponja sy ny toerana nitanana azy am-ponja ;*

*- Manan-jo amin'ny fizaham-pahasalamana hataon'ny dokotera iray ;*

*- Manan-jo haka mpisolo vava iray na hatrehan'ny olona iray nofidiny ;*

*- Manan-jo io olona io amin'ny filazana aminy ny zoany voalaza mifanesy eo ambony amin'ny alalan'ny tenim-pirenena fantany ;*

*- Manana adidy ny tompon'andraikitra ara-panjakana mitanana ilay voafonja mameno ny registra izay ahitana ny daty, ny ora sy ny antony tsy ahazoany ny fahalalahana. »*

#### LALÀNA MOMBAN'NY PAIKA ADY HELOKANASIAM-PANOVANA TAMIN'NY ALALAN'NY LALÀNA N°2016-017

**Andininy 333 :** *« Ny fitanana am-ponja vonjy maika dia fepetra manokana. […]. Ny fanapahan-kevitraamin'ny fitanana am-ponja vonjy maika dia tokony ahitana ny iray na ireo fepetra maromaro voatanisa eto ambany ary voamarina. »*

#### DIDIM-PANJAKANA N°2006-015 TAMIN'NY 17 JANOARY 2006 MOMBAN'NY FANDRINDRANA AMIN'NY ANKAPOBENY NY FITANTANANA NY MPIANDRY FONJA

**Andininy 61 :** *« Ny olona rehetra voafonja dia tsy maintsy hamaronana taratasy miaraikitra ny paika ady heloka sy ny taratasy fampidirana am-ponja. Ny lehiben'ny fonja, na ny olom-panjakana eo ambany fahefany voalazan'ny mpiraki-draharaha, ny mitana ny taratasy mirakitra ny paika ady heloka rehetra sy manara-maso ny fampiharana ny lalàna ho an'ny olona nampidirina am-ponja fa miandry ny fitsarana azy hatramin'ny fanalavana ny fahafahany. »*

#### FAMPITANA HAFATRA N°002/MJ/SG/DGAJER/DAJ/17 TAMIN'NY 9 MAI 2017

*« Amin'ny fomba fiteny hafa, ny voapanga dia azo votsorana avy hatrany, rehefa ny Didim-pitondrana nampidirana azy am-ponja no lany daty na dia mbola tsy voatsara azy izy nohon'ny fitanana am-ponja tsy ara-dalàna »*

# II. FITAMBARAN'NY TAHIRIN-KEVITRA AMIN'NY FITANANA AM-PONJA NY OLONA MIANDRY NY FITSARANA AZY AMIN'NY LALANA MALAGASY

Ny fitanana am-ponja ny oloan miandry ny fitsarana azy dia fampidirana am-ponja nomen'ny solompampanoa, mpitsara iray, rantsam-pitsarana momban'ny fitantana am-ponja vonjy maika, rantsana fiampangana na fitsarana mpamoaka didy.
Ireo fepetra ireo dia noraisina mialohan'ny didim-pitsarana. Misy hifandraisany amin'ny fahafahan'ny olona tsirairay. Azo hamarinina amin'ny endrin-javatra samihafa izany saingy tsy maintsy voafaritra ao anatin'ny lalàna. Ny fampidirana am-ponja vonjy maika dia ambara fa tsy ara-drariny raha misy ny fandikana ireo fitsipika nofaritan'ny lalàna.

## A. NY TOERAN'NY VOAFONJA ARA-PITSARANA

**Ny fitanana mandritra ny fakana am-bavany :** olona nihahiahiana fa nahavita heloka, napetraka eo ambany fahefan'ny polisy mpanao famotorana ary tsy azo homena fahafahana mandritra ny famotorana izay maharitra 48 ora raha lava indrindra (azon'ny mpitsara eo anivon'ny fampanoavana halavaina izany raha hita fahasarotan'ny zava-misy ka / na mila fanohizana ny famotorana).

**Ny voafonja :** olona iray izay nalana taminy ny fahahafany ary nampidirina amin'ny toeram-pamonjana iray. Misy ambaratongany izany :

- Ireo nampidirina am-ponja (lehilahy, vehivavy, tsy ampy taona) vonjy maika sy miandry ny fitsarana azy ;
- Ireo olona voaheloky ny fitsarana.

**Ny olona nahiahiana :** ny olona rehetra izay nahazoan'ny vaovao na famatarana maromaro izay azo eritreretina fa nahavita heloka na nandray anjara tamin'ny fanatanterahan izany.

**Ny olona enjehina :** olona efa nilazan'ny mpitsara iray ny fandikandalàna anenjehana azy.

**Ny voapanga amin'ny heloka tsotra :** ny olona rehetra nentina eo anoloan'ny fitsarana ady heloka tsotra mba hamaly ny  fanenjehana azy.

**Ny voapanga amin'ny heloka bevava :** ny olona rehetra nentina eo anoloan'ny fitsara ady heloka bevava mba hamaly ny heloka hanenjehana.

**Ny voasazy :** ireo olona rehetra efa voatsara ka nisy didim-pitsarana tsy azo hivalozana manameloka azy fa nahavita ny fandikan-dalàna ary nanomezana azy sazy (sazy mihatra fampihatonana ny fahalalahany na sazy ara-bola).



## B. IREO OLONA AFAKA MANARA-MASO NY ANTONTAN-TARATASIN'NY VOAFONJA

**Ny Talem-paritra ny fandraharan'ny fonja :** araka **ny andininy faha 3 ny Didim-panjakana n°2006-015 tamin'ny 17 janoary 2006** momban'ny fandrindrana amin'ny ankapobeny ny frandraharana ny fonja, izay no manara-maso ny fampiharana ny lalàna amin'ireo voafonja ;

**Ny Lehiben'ny toeram-pamonjana :** izy dia napetraka ho lohan'ny toeram-pamonjana. Izy no miantoka ny fampiharana ireo lalàna sy fitsipika mifanentana amin'ny fanaraha-maso, ny fampiharana ny fitsipika, ny fifampitondrana ireo olona voafonja, ny fampidirana azy ireo eo anivon'ny mpiara-belona ary amin'ny ankapobeny ny fampandehanana tsara ny toeram-pamonjana. Izy no mihahy mandrakirava ny fitandroana ny maha-olona an'ireo voavonja.

Ny lehiben'ny toeram-pamonjana tsirairay dia miara-miasa amin'ny lefitra iray na maromaro sy mpanara-maso min'ny ankapobeny.

**Ireo mpiraki-draharaha mpandray an-tsoratra :** Isan'ireo mpiasa miandraikitra ny fonja izy ireo ary miasahana manokana ny fitanana an-tsoratra sy ny anton-taratasin'ireo voafonja.

**Ireo mpiasam-panjakana ambony mpanao famotorana :** mpiasam-panjakana ambony izay afaka mitarika famotorana sy ireo fikarohana. Afaka manome baiko ireo ireo mpiasam-panjakana rehetra mpanao famotorana izy. Araka ny voalazanan'ny **andininy faha 125 ny Lalàna mifehy ny paika ady heloka**, dia ireto izany ny Tonia Mpampanoa lalàna sy ireo mpitsara ao amin'ny fampanoavana; ny mpitsara mpanao famotorana, ireo mpitsara isaky sampan'ny fitsaranaary ny solompampanoa.

**Ny Tonia Mpampanoa lalàna sy ireo mpitsara ao amin'ny fampanoavana :** mpitsara eo anivon'ny fampanoavana nomena andraikitra hanohy na tsia ny famotorana amin'ny fikarohana ny marina sy hanenjika ny heloka voafaritry ny lalàna, mandray ny fitoriana sy ny fanenjehana.

**Ny solompampanoa :** izy ireo dia hita any amin'ny renivohitry ny distrika na ny boriborin-tany izay tsy ahitana fitsarana ambaratonga voalohany na sampam-pitsarana. Amin'izao fotoana izao dia ny Lehiben'ny distrika no misahana izany. Ny mpiasam-panjakana ambony mpanao famotorana dia misahana, eo anivon'ny fari-piadiadiany, ny fahefan'ny mpampanoa lalàna momban'ny fikarohana sy ny fanenjehana ireo heloka bevava sy ny fandikan-dalàna. Izy dia eo ambany fanaraha-mason'ny mpampanoa lalàna amin'ny fanatanterahany ny andraikiny, sy eo ambany fahefan'ny Tonia mpampanoa ambony.

**Mpitsara mpanao famotoranana :** mpitsara mpamoaka didy. Izy no ratsam-pitsarana mpanao famotorana ambaratonga voalohany.

**Ratsam-pitsarana ambony :** ratsam-pitsarana mpanao famotorana ambaratonga ambony izay ahitana mpitsara mpamoaka didy miisa telo (3).

**Rantsam-pitsarana momban'ny fitantana am-ponja vonjy maika :** sampan-pitsarana ahitana Filohan'ny rantsam-pitsarana ady heloka sy mpitsara miisa roa. Izy dia manamarina ny maha mari-pototra ny fanomezana fahafahana vonjy maika, ny fanohana hataon'ny mpitorysy/na ny fampanoavana manoloana ny fanapahan-kevitry ny mpitsara mpano famotoranaamin'ny fanomezana fahafahana vonjy maika sy amin'ny fanalavana ny fitanana an-ponja vonjy maika (**andininy 223 bis CPP**).

**Fitsarana ady heloka tsotra :** fitsarana natokana hamoaka didy amin'ny lafiny ady heloka. Ahitana mpitsara iray, filoha iray, mpitsara iray avy amin'ny fampanoavana, sy mpiraki-draharaha iray. Rehefa nampandalovina taminy ny fangatahana, ny fitsarana ady heloka dia manapaka ny fanomezana ny fahafahana vonjy maika.

# III. NY FITANANA AM-PONJA VONJY MAIKA AMIN'NY LALÀNA MALAGASY

## A. IREO FEPETRA AMIN'NY FITANANA AM-PONJA VONJY MAIKA ALAOHAN'NY FITSARANA SY IREO ANTOKA ARA-PITSARANA HO AN'NY VOAPANGA

**Ny andininy 333 ny Fehezan-dalàna momba ny paika ady heloka, novana tamin'ny alalan'ny lalàna n°2016-017 dia milaza :** *« Ny fitanana am-ponja vonjy maika alohan'nyfitsarana dia fepetra manokana. Tsy azo homena raha tsy voaporofo,* ***arakaraka ny fisehon'ireo singana mari-pototra sy ny vokatry ny raharaha,*** *ny fitambaran'ireo* ***no antoka tokana*** *ahatongavana amin'iray na ny maramaro ami'ireto antony voatanisa eto ambany ireto sy raha tsy tratra ny tanjona amin'ny fintanana eo ambany fanaraha-maso fitsarana :*

- *Miantoka ny fitanana ny voapanga eo ampelan-tanana'ny fitsarana ;*
- *Misakana ny fifandraisana amin'ny vavolombelona na ny fampiharana fanerena na fampitahorana amin'ny niaram-boina sy ny fianakaviany ;*
- *Miaro ny voapanga ;*
- *Mandray an-tanana ny vesatra tsy azo hialana hiampangana ny voampanga sy ny alalan'ny fiampangana ;*
- *Misakana ny fifanakalozan-kevi-dratsy eo amin'ny voapanga sy ny ireo niaraka nadray anjara tamin'ny heloka na ireo mpiray tsikombakomba;*
- *Mitahiry ireo porofo rehetra na ireo fitaovana izay ahitana hirika amin'ny fikarohana ny marina;*
- *Manajanona ny fanakorontanana ny fiaraha-monina izay nateraky ny fahalehibeazan'ny heloka, ny fomba nanaovany azy na ny fisongadinan'ny vokatra-dratsy naterany;*
- *Manajanona ny heloka na fampitandremana ny famerenana azy;*
- *Manafoana ny fandikan-dalàna amin'ny fanarahan-maso ny fitsarana.*

***Ny fitanana am-ponja vonjy maika alohan'ny fitsarana dia tsy azo hampiharina amin'ireo olona voahenjika amin'ny heloka tsotra voazasin'ny polisy araka ny lalàna na sazy vokatry ny heloka tsotra hafa amin'ny fampiditrana am-ponja.***

*Ny fanapahan-kevitra mandidy ny fampidirana am-ponja vonjy maika* ***dia tsy maintsy ahitana ny iray na ny fepetra maromaro voatanisa eto ambany ary noho ireto antony ireo.*** *»*

**Ny fitanana am-ponja vonjy maika tsy ara-drariny:**
**- Raha tsy fantatra ny anton'ny fanapahan-kevitra nampidirana azy am-ponja vonjy maika**

## B. IREO DINGANA ARAHINA AMIN'NY FAMPIDIRANA AM-PONJA VONJY MAIKA

**Ny didy famomjana** dia didy homen'ny mpitsara iray, fitsarana na mpitsara iray ao amin'ny fampanoavana ou un magistrat an'i Lehiben'ny mpiandry fonja mba handray sy hamonja olona iray voapanga na olona iray voaheloka (**andininy 100 al.4 CPP).**

**Ny taratasy fisamborana** dia didy homen'ny manam-pahefana amin'ny fikarohana olona iray voapanga na olona iray voaheloka, sy mitondra azy avy hatrany any amin'ny toeram-pamonjana izay voalaza ao anatin'ilay taratasy mba ho raisina sy tanana am-ponja alohan'ny fitsarana azy (**andininy 100 al.5 CPP).**

**Ny Didy fandraisana am-batana (OPC):** hilazana ny taratasy fampigadranahomena mandritra ny famotorana mehana amin'ny ady heloka bevava.

**Ny didy fandefasana ireo antontan-taratasy any amin'ny rantsam-piampangana ambony (OTPCA)** : io didy nomen'ny mpitsara mpanao famotorana dia mitana ny faharetan'ny didy famonana navaoka mialoha sy tsy lany daty amin'ny andro nanaovana ny didy izay manana faharetana enim-bolana miatomboka amin'ny datin'ilay didy.

Mifarana ny faharetan'ny fananan-kerin'ny fampidirana am-ponja rehefa :
- Amin'ny alalan'ny fanapahan-kevitry ny fitsarana ;
- Ny fahataperan'ny fitanana am-ponja vonjy maika araka ny voalaza ao amin'ireo **andininy 334 sy ny manaraka ;**
- Ny fahataperan'ny heloka nifaina.

**NY FAMPANOAVANADIA AFAKA MAMPIASARAHARAHAMIISA EFATRA IZAY VOATANISA ETO AMBANY MBA AHAZOANA MANENJIKA NY TOMPON'ANDRAIKITRA VOALOHAN'NY FANDIKAN-DALANA :**

**I- Ny fahatongavana an-tsitram-po** hataon'ireo mifampitory, aorian'ny fampandrenesana amin'ny fampitandremana fa misy fanenjehana nohon'ny heloka tsotra sy ireo haeloka madinika, ankoatry ny tranga voatokana voafaritr'ireo lalàna manokana;

**II- Ny fitoriana mivantana ho fanenjehana ireo** heloka madinikasy ho an'ireo heloka tsotra izay efa notontosaina tamin'ny fakana am-bavany savaravina sy manamarina fa ireo nanao fandikan-dalàna tsy manamarina ny fanomezana fampidirana am-ponja vonjy maika.

**Ny fitanana am-ponja vonjy maika alohan'ny fitsarana dia tsy azo ambara raha tsy anatin'ny fenitr'ireto roa voalohany amin'ny raharaha.**

**III- Ny famotorana mehana** dia zo hampiasaina amin'ny fanenjehana :

**1.** Ireo heloka be vava hafa nohon'ireo voasazin'ny lalàna hanao asa an-terivozona mandrapahafaty na na tsy mandy faritany;

**2.** Ireo heloka be vava sy ireo sokajiana heloka be vava araka ny voatanisa aoamin'ny **andininy 206 CPP**;

**3.** Ireo heloka izay efa vita amin'ny fitanana an-tsoratra dia mihatra avy hatrany raha tsy ny didy mandrava ny fisian'ny hosoka na hatramin'ny fisian'ny porofo manamarina izany;

**4.** Heloka tsotra izay efa fantatra ny nanao azy ary mety ho voatana nohon'ny fanekena ny heloka nataony, mety nohon'ny havesaran'ireo fanenjehana.

**Tandremo: ny fampiharana ny lalànadia tsy azo hampiharina mihitsy amin'ny olona tsy ampy taona.**

**IV- Ny famotorana**, dia hidiran'ny mpitsara mpanao famotorana. Izy dia tsy maintsy ampiasaina amin'ny fanenjehana :

**1.** Ireo heloka be vava voasazy hanao asa terivozona mandrapahafaty, na tsy mandy faritany;

**2.** Ireo heloka vava tsotra;

**3.** Ireo heloka bevava sy ireo heloka tsotraizay tsy fantatra ny nanao azy na lasa nandositra izy;

**4.** Ireo fandikan-dalàna voafaritry ao amin'ireo **andininy 419 ka hatramin'ny 421** nyFehezan-dalàna fahamaizana naaraka ireo lalàna manokana izay hilana ny filatsahan'ny mpitsara an-tsehatra ny mpitsara mpanao famotorana.

**Ny fitanana am-ponja mialohan'ny fotoam-pitsarana dia misy fanararahotana :**
**- Rehefa tsy misy ny taratasy milaza ny fitanana am-ponja mialohan'ny fotoam-pitsarana homen'ny manam-pahefana mahefa**
**- Rehefa tsy misy ny taratasy fampidirana am-ponja**
**- Rehefa lany ny daty fampidirana am-ponja**

# IV. IREO FE-POTOANA ARA-DALÀNA AMIN'NY FITANANA AM-PONJA VONJY ALOHAN'NY FITSARANA

Ny fe-potoana ara-dalàna amin'ny fitanana am-ponja vonjy maika alohan'ny fitsarana dia amin'ny fotoana izay voafaritry ny lalàna fa very ny fahafahan'ny olona iray alohan'ny fitsarana azy izay hisian'ny didim-pitsarana raikitra. Ireo fe-potoana ara-dalàna dia voafaritra ao amin'ny amin'ireo **andininy 333 ka hatramin'ny 352 ny Fehezan-dalàna momban'ny paika ady heloka.**
**Ny andininy 334 ny Fehezan-dalàna momban'ny paika ady helokadia** milaza : « *Na inona antony dia tsy azo halavaina ny fitanana am-ponja vonjy* ***maikamihoatra ny fe-potoana mitovy raha betsaka indrindra amin'ny sazy manafoana ny fahafahana.*** *Raha vao tratra io fe-ptoana betsaka indrindra io, ny voaheloka dia tokony homena fahafahana vonjy maika raha tsy voatana nohon'ny antony hafa izy.* »
Ireo fe-potoana ara-dalàna amin'ny fintanana am-ponja vonjy maika alohan'ny fitsarana dia mihovahova arakaraka ny sokajin'ny heloka sy ny fampiharana ny lalàna tsy maintsy arahina.

| | **HELOKA MADINIKA** | **HELOKA TSOTRA** | | **HELOKA BE VAVA** | |
|---|---|---|---|---|---|
| **DINGANA ARAHINA** | | **FAMOTORANA MEHANA** | **MANDRITRA NY FAMOTORANA** | **FAMOTORANA MEHANA** | **MANDRITRA NY FAMOTORANA** |
| **FAHARETAN'NY FE-POTOANA MANDRITRA NY DINGAN'NY FAMOTORANA NA FAMOTORANA MEHANA** | | Amin'ny alalan'ny manam-pahefan'ny fampanoavana: **15 andro (azo havaozina indray mandeha)**<br>**SY**<br>Amin'ny alalan'ny Tonia mpampanoa lalàna na ny mpitsara mpampanoa lalàna famotorana: **3 volana (tsy azo havaozina)**<br>**NA**<br>Amin'ny alalan'ny rantsam-pitsarana momban'ny fitantana am-ponja vonjy maika raha toa ka misy fanoherana ny fitanana am-ponja vonjy maika: **3 volana** (tsy azo havaozina)<br>*Tandremo fa ny 3 volana hambaran'ny mpampanoa lalàna, ny mpitsarany mpanao famotorana na ratsana mikasika ny fitanana am-ponja vonjy maika dia tafiditra ao anatin'ny 15 andro azo havaozina indray mandeha izay ambaran'ny manampahefana ao amin'ny fampanoavana* | Hataon'ny mpitsara mpanao famotorana na hataon'ny rantsam-pitsarana momban'ny fitanana am-ponja vonjy maika :<br>**6 volana** azo havaozina indroa ho **3 volana (12 volana ny fitambarany)** | Hataon'ny alalan'ny manam-pahefan'ny fampanoavana: **15 andro** (azo havaozina indray mandeha)<br>**SY**<br>Amin'ny alalan'ny Tonia mpampanoa lalàna na ny mpitsara mpampanoa lalàna famotorana: **3 volana** (tsy azo havaozina)<br>**NA**<br>Hataon'ny rantsam-pitsarana momban'ny fitantana am-ponja vonjy maika raha toa ka misy fanoherana ny fitanana am-ponja vony maika: **3 volana** (tsy azo havaozina)<br>*Tandremo fa ny 3 volana hambaran'ny mpampanoa lalàna, ny mpitsarany mpanao famotorana na ny ratsana ny fitanana am-ponja vonjy maika dia tafiditra ao anatin'ny 15 andro azo havaozina indray mandeha izay ambaran'ny manampahefan'ny fampanoavana* | Hataon'ny mpitsara mpanao famotorana na ratsana fitanana am-ponja vonjy maika :<br>**8 volana** azo havaozina indray mandeha ho **6 volana** ary havaozina faharoa ho **4 volana (18 volana ny fitambarany)** |
| **AORIAN'NY FAMOTORANA NA NY FAMOTORANA MEHANA** | | **3 volana** tsy azo havaozina ho an'ny fitsarana ady heloka | **3 volana** tsy azo havaozina ho an'ny fitsarana ady heloka | **30 volana** amin'ny famoahana didy hitsy volana izay miatra avy hatrany na ao aoriana ary mbola miampy **12 volana** raha misy didy hitsy volana izay mandefa ireo taratasy any amin'ny ratsam-piampangana ambony (OTPCA) avy amin'ny mpitsara mpanao famotorana na ny ratsam-piampangana ambony<br>Raha misy ny fanemorana, ny fitsarana ady heloka be vava dia tsy maintsy manome ny antony ilana ny fanamafisana ny fitanana am-ponja ary ny fanemorana dia tsy afaka mihoatra ny **6 volana** | |
| **NY FITANANA AM-PONJA ALOHAN'NY FITSARANA DIA MISY FANAMPARANA** | Amin'ny fotoana rehetra, ny fitanana am-ponja alohan'ny fitsarana dia tsy mitombona mihitsy amin'ny lafiny heloka madinika | Raha ny fitanana am-ponja mialohan'ny fitsarana mihoatra ny **3 volana** mandritra ny famotorana mehana | Raha ny fitanana am-ponja mialohan'ny fitsarana mihoatra ny **12 volana** mandritra ny dingana famotorana | Raha ny fitanana am-ponja mialohan'ny fitsarana mihoatra ny **3 volana** mandritra ny famotorana mehana | Raha ny fitanana am-ponja mialohan'ny fitsarana mihoatra ny **18 volana** mandritra ny dingana famotorana |
| | | Raha ny fitanana am-ponja mialohan'ny fitsarana mihoatra ny **3 volana** aorian'ny dingan'ny famotorana na famotorana mehana | Raha ny fitanana am-ponja mialohan'ny fitsarana mihoatra ny **3 volana** aorian'ny dingan'ny famotorana na famotorana mehana | Raha ny fitanana am-ponja mialohan'ny fitsarana mihoatra ny **30 volana** aorian'ny dingan'ny famotorana na famotorana mehana na **42 volana** ho an'ny heloka be vava hiarahn'ny sazy asa an-terivozina mandrapahafaty ho sokaljin'ny OTPCA<br>**NA** Raha ny fitanana am-ponja mialohan'ny fitsarana mihoatra ny **6 volana** aorian'ny fangatahana fanemorana ny fotoam-pitsarana ady heloka be vava | |
| | | • Raha tsy misy ny taratasy fitanana am-ponja mialohan'ny fitsarana avy amin'ny manam-pahefana mahefa<br>• Nohon'ny tsy fahampian'ny porofo amin'ny fanapahan-kevitra amin'ny fampidirana am-ponja mialohan'ny fitsarana<br>• Raha tafahoatra ny fe-potoana ara-dalàna<br>• Raha ny fitanana am-ponja mialohan'ny fitsarana mihoatra ny fe-potoana hanefana ny heloka betsaka indrindra<br>• Raha tsy misy ny fampilazana ny taratasy fampidirana am-ponja | | | |

# V. IREO DINGANA AZO HATAO RAHA TRATRY NY FITANANA AM-PONJA TSY ARA-DRARINY IREO VOAFONJA MIANDRY FITSARANA

## A. IREO FITAOVANA IALINA ILAINA MBA HAMATARANA FA NIHARAN'NY FITANANA AM-PONJA TSY ARA-DRARINY

Ny Didm-panjakana 2006-015 momban'ny fandrindrana ny fandraharana ny mpiasan'ny fonja dia mitanisa ireo fitaovana maro izay azo hampiasana mba hamatarana ny fisian'ireo fitanana am-ponja misy fanamparana mialohan'ny fotoam-pitsarana, tafiditra amin'izany :

**NY FISIM-PAMONJANA :** izay ahitana ny momba momban'ny voafonja iray : ireo singa rehetra amin'ny sora-piankohonana, ny anjara toerana eo anivon'ny fianakaviana sy ny asany, ny kara-panondrom-pireneny sy ny adiresin'ireo olona azo antso raha marary na maty izy, ny sokajin-keloka nampidirana am-ponja azy, ny halavany sy ny bikan'ny vatany ivelany, ny lisitry ny fonja nifanesy izay namonjana ilay olona ; ny peta-tondro ny fanondro havanana na rehefa tsy mety ny fanondro havanana ; ny fitambaran'ny fitondran-tenany ao am-ponja nanomboka tamin'ny fotoana nampidirana am-ponja azy ka hatramin'ny andro hivoahany.

**NY FISY FAMPIDIRANA AM-PONJA :** fitambaran'ny kopian'ny taratasy fampidirana am-ponja, ahitana ireo votoatin'ny momba momban'ny voafonja toy ny ao amin'ny taratasim-pamonjana ankoatran'ny toe-javatra miseho amin'ny famonjana.

**IREO ANTONTAN-TARATASY TSIRAIRAY AN'IREO OLONA VOAFONJA :** ahitana ny laharana na ireo laharan'ny olona voafonja miandry fitsaranasy ny momba fitondran-tenany rehetra isan'andro, mandritra ny asa sy ny fanapahan-kevitra raisin'ny tompon'andraikitry ny fonja momba azy.

**NY REGISTRA FAMONJANA :** Misy karazany roa ny registra: ny iray ho an'ireo olona nanao heloka mbola hiakatra fitsarana ary ny iray ho an'ny olona voaheloka am-ponja. Hita ao anatin'izany registra ny momba momban'ilay voafonja (anarana, fanampin'anarana, …) sy ireo tsara ho fantatra tamin'ny fampidirana am-ponja azy (daty sy ny taratasy namponjana azy, …).

**NY LISITRA IZAY AHITANA NY ANARAN'IREO VOAFONJA MIANDRY FITSARANA KA EFA HO LANY ANDRO NY FITANANA AM-PONJA AZY IREO VONJY MAIKA :** io lisitra iodia halefa mialoha mandritra ny andro maro any amin'ny mpisolovava mpiaro ny voafonja na any amin'ny mpitsara miandraitra ny antontaratasin'ady mba ahazoany manamarina fa efa ho lany daty marina ny fampidirana am-ponja vonjy maika.

Misy fisy fanaraha-maso ny voafonja mialohan'ny fitsarana izay mba ahaozoan'ny mpamangy mahatsapa ny tranga momban'ny fitanana am-ponja mialohan'ny fitsarana izay ahitana fanamparana.



# FISY FANARAHAMASO NY VOAFONJA ALOHAN'NY FITSARANA

**Dosie n° na fampidirana am-ponja N° :** ____________

**Anaran'ny mpilatsaka an-tsitra-po miandraikitra ny dosie :** ____________

### I- FAMANTARANA

Anarana : ____________ Fanampin'anarana : ____________

Daty sy toerana naterahana : ____________

Zom-pirenena : ____________ Lahy ☐ na Vavy ☐

### II- FIFANDRAISANA

Olona hifandraisana : ____________

Telefona : ____________ Mailaka : ____________

### III- FAMOTORANA

Toerana sy anton'ny fisamborana : ____________

Notanana ve ianao nandritra ny famotorana : ☐ Eny ☐ Tsia

Nandritra ny firy andro? ____________

Taiza ianao no nitanana am-ponja miandry fitsarana : ____________

**Nandritra ny famotorana nitananao:**

- Voaray tsara ve ianao ? ____________
- Raha tsia iza no nanao izany? ____________
- Azonao ambara ve ny fomba nihatra taminao : ____________

Afaka nanana Mpisolovava ve ianao niaraka taminao nandritra ny famotorana ☐ Eny ☐ Tsia

### IV- NY MOMBAN'NY FITANANA AM-PONJA IREO VOAFONJA

Daty nidirana / / Tao amin'ny fonja :

Sokajiny: ☐ voampanga ☐ voaheloka ☐ voasazy ☐ hafa (hamafisina): ____________

Fitanisana ny fomba fiainan'ny voafonja iray : ____________

### V- FANARAHA-MASO NY DOSIE

Manana mpisolovava ve ianao : ☐ Eny ☐ Tsia

**Iza no manaraka ny dosienao ?** Anarana sy fanampin'anarana : ____________

Fifandraisana an-telefona sy mailaka : ____________

Asa : ____________ Fomba hifandraisana : ____________

Hatramin'ny nahatongavanao teto amin'ny fonja, impiry ianao no nentina teo anoloan'ny mpitsara ?

Inona avy ? ____________

Efa nentina teo anolon'ny fitsarana azon'ny besinimaro natrehana ve ny raharahanao ? ____________

Raha eny, inona no nitranga ? ____________

Napakatra fitsarana ambony ve ianao ? ____________ Inona no antony ? ____________

Efa mba nahazo ny famangian'ny Vaomieran'ny fanaraha-maso ve ianao ? ____________

Impiry ? ____________

Efa nahazo ny famangiana mpampanoa lalàna na olona hafa avy amin'ny fitsarana na olona hafa ?

Impiry ? ____________

Fanamarihana miendrika famintinana : ____________

# B. FANGATAHANA AZO ATAO RAHA NIHARAN'NY FITANANA AM-PONJA TSY ARA-DRARINY

### 1. FANGATAHANA FAHAFAHANA VONJY MAIKA

Tsara marihina fa araka ny voalazan'ny **andininy 351 ny Fehezandalàna momba ny paika ady heloka (CPP)**, ny olona rehetra nampidirana am-ponja alohan'ny fitsarana dia afaka mangataka fahafahana vonjy maika mandritra ny raharaha ka hatramin'ny fandraisana fanampahan-kevitra farany momba ny hoaviny.

**Ireo manam-pahefana mahefa :**
- **Mandritra ny famotorana :** ny rantsam-pitsarana momban'ny fitantana am-ponja vonjy maika
- **Aorian'ny ny famotorana :** Filohan'ny fitsarana ady heloka tsotra sy Filohan'ny ratsam-piampangana ambony amin'ny ady heloka bevava

**Ny endriny:** amin'ny alalan'ny fangatahana tsy ahitana endriny manokana
**Ireo olona afaka manao izany:** Ilay olona voafonja na ny mpisolovava azy
**Ireo fepetra:** tsy misy fanampahan-kevitra farany tsy azo hidovirana manameloka

*Modely taratasy fangatahana fahafahana vonjy maika*

Anrana sy fanampin'anarana
Adiresy
N° dosie ady heloka
Ny fototry ny heloka

*{Toerana sy daty...}*
Ho An'Andriamatoa / an-Ramatoa (*)

**ANTONY: fangatahana fahafahana vonjy maika**

Andriamatoa / Ramatoa (*)
Voninahitra ho ahy no mangataka ny hamoram-ponao mba hanome ahy fahafahana vonjy maika.
Ny tenako dia nampidirina am-ponja nanomboka tamin'ny *{Soratana eto ny daty nidirana am-ponja},*
*{Hazavaina eto ny anton'ny fangatahana},*
*{Soratana eto ny toerana tianao handehanana raha mivoaka ny fonja ianao}*
Ny tenako dia manaika marina fa hiatrika fitsarana amin'ny fotoana rehetra hilan'ny fitsaran izany.

Raiso, Andriamatoa / Ramatoa (*) ny haja ambony atolotro anao.

Sonia

*(*) Mandritra ny famotorana halefa amin'ny Filohan'nyratsam-pitsarana amin'ny fitanana am-ponja mialohan'ny fitsarana; rehefa tapitra ny famotorana, halefa mivantana amin'ny Filohan'ny fitsarana ady heloka tsotra na ny Filohan'ny ratsam-piampagana ambony amin'ny ady heloka bevava ny fangatahana.*



### 2. ANDININY 335 NY FEHEZAN-DALÀNA MOMBA NY PAIKA ADY HELOKA

Araka ny voafaritra ao amin'ny **andininy 335 ny Fehezan-dalàna momba ny paika ady heloka:** « *Ny olona rehetra, mahalala ny fisian'ny fitanana am-ponja tsy ara-dalàna na misy fanamparana mialohan'ny fotoam-pitsarana, dia manantona ny Tonia mpampanoa lalàna ambony na ny filohan'ny rantsam-piampangana ambony, mba abazoana ny fanamarinana ilaina sy ny fampitsaharana; raha mitranga, ny fitanana am-ponja misy fanamparana. Ny rantsam-pihampangana ambony dia afaka amin'ny tranga rehetra, rehefa nihaino ny fampanohavana, manambara ho azyny fahafahana vonjy ho an'ny voampanga mandritra ny fakana am-bavany na ny famotorana ataon'ny mpitsara mpanao famotorana.* »

**Ireo manam-pahefana mahefa :** ny Tonia mpampanoa lalàna ambony sy Filohan'ny rantsam-piampangana ambony eo ambany fitsarana hihaihan'izy ireo izay misahana ny dosie.
**Ireo fangatahana :** amin'ny alalan'ny fangatahana an-tsoratra na am-bava havatana amin'ireo manam-pahefana.
**Ireo olona afaka manao izany :** ny olona rehetra (mpisolovava miaro anao, fianakaviana, ny mpanolon-tsaina,…)
**Ireo fepetra :** tamin'ny alalan'ny fomba rehetra no nahafatarana fa misy ny fitanana am-ponja tsy ara-dalàna na misy fanamparana ho an'ny voafonja miandry fitsarana.

*Modely taratasy fitarainana noho ny fisian'ny fitanana am-ponja tsy ara-dalàna halefa ho an'ny Tonia mpampanoa lalàna ambony NA Filohan'ny rantsam-piampangana ambony.*

Anarana sy fanampinan'arana
Adiresy
Daty nampidirana am-ponja
N° dosien'ny heloka (raha fantatra)
Ny fiampangana

*{Toerana sy daty}*
Ho an' Andriamatoa/ Ramatoa
Tonia mpampanoa lalàna ambony ao amin'ny Fitsarana Ambony ao…
na Filohan'ny rantsam-piampangana

**ANTONY: fangatahana fanamarinana sy fampitsaharana ny fitanana am-ponja tsy ara-drariny**

Andriamatoa/Ramatoa Tonia mpampanoa lalàna ambony na Filohan'ny rantsam-piampangana
Voninahitra ho ahy no mandefa aminao ity taratasy milaza ny fisian'ny fitanana am-ponja tsy ara-drariny ity, sy mangataka aminao mba hanao ny fanamarinana izany mba ahazoana manome fahafahana vonjy maika.
*{Daty ny fampidirana am-ponja:} {Anran'ny toeram-pamonjana sy ny efi-trano :}*
*{Daty farany ny famonjana :} {Ireo antony hafa mahatonga ny fitanana am-ponja tsy ara-drariny :}*

Raiso, Andriamatoa/Ramatoa Tonia mpampanoa lalàna ambony, haja ambony atolotro anao.

Sonia




Photo credit : CICR/MYOP

## TOAVANA : SATAN'NY FITONDRAN-TENAN'NY MPILATSAKA ANTSITRA-PO

Ny asan'ny mpilatsaka antsitra-po dia tsy mandray karama sady misafidy ny halalaka ary amin'ny ankapobeny dia sahan'ny fikambanana tsy manana tanjona hampidirambola (ISBL) : fikambanana, fikambanana tsy mianakina (ONG), sendika na rafitra tsy miankina. Ny iray amin'ireo no ahitana « *ny asan'ny mpilatsaka antsitra-po* » izay midika hoe « *mpilatsaka an-tsitra-po* ».

Mahatsapa fa hilaina sy afaka manao zavatra ho an'ny olona no fototra ijoroan'ny mpilatsaka antsitra-po, ary mandray anjara amin'ny sehetra maro samihafa, toy fanantanjahantena, ny kolotora na ny fialam-boly, famonjena ny mpiara-belona ny fahasalamana, ny hetsika ara-tsosialy, ny fiarovana ny zon'olombelona, ny fiarovana ny tontolo iainana sy ny tontolo maintso voaharona koa ny fanabeazana.

Ny mpilatsaka antsitra-po iray dia tsy mpisolovava, tsy mpiaro ny olona migadra : tsy mpikarama antseliky ny fitsarana sady tsy mpikarama antseliky ny olona harovan'ny mpisolovava.

Ny andraikitra nankinina amin'ny mpilatsaka antsitra-po dia ny ahafantatra ny fifamatorana miaraka amin'ny fanekena fandraisana andraikitra iraisam-pirenena amin'ny fanajana ny zon'olombelona sy ireo rijan-teny eo anivon'ny firenena (*Fehezan-dalàna famaizana na Fehezan-dalàna momban'ny paika ady heloka …*) ireo fitanana am-ponja izay mihoatra an'ireo fe-potoana ara-dalàna. Izy ireo ihany koa no manao tombana ny fomba fiainanan'ny voafonja raha mifanentana amin'ny fitaovana iraisam-pirenena mifandraikitra amin'ny fanajana ny zon'ny voafonja izay neken'i Repoblikan'i Madagasikara sy manolotra soson-kevitra mba ho entina hanatsarana ny fonja eoamin'ny lafiny maha olona.

Ny mpilatsaka antsitra-po dia tsy tokony fitaovana hatao fampitana hafatra amin'ny samy voafonja sy ireo mpisehatra amin'ny raharaham-pitsarana. Izy dia mpiara-dia amin'ny voafonja eo amin'ny lafiny fanabeazana. Izy dia tsy mpampianatra lalàna velively fa namana mihaino sy mampitony ny voafonja izay tafiditra ao an-davaky ny raharaham-pitsarana.

Ny mpliatsaka antsitra-po, aorian'ny nahitany ny fitanana am-ponja tafahoatra na feno fanamparana, dia manangona ny singana rehetra mahatonga izany, mifandray amin'ny mpisolovava miaro ilay voapanga izay manamarina ireo singa rehetra voalaza ireo, ary ny mpisolovava izay miara-miasa amin'ny mpandrindra ny tetik'asa, izy ireo no mahita ny dingana harahina amin'ny fangatahana onitra manoloana ny fanosehosehana ny zon'ireo voafonja.

Na inona na inona tranga miseho, ny mpilatsaka antsitra-po dia tsy mahazo mihaona amin'ny olona iray mpisehatra amin'ny asan'ny fitsarana manazava ny raharaha an'ilay voafonja.

**Ny mpitsidika mpilatsaka antsitra-po dia voharara :**

- Tsy ho isan'ny mpandray anjara ao anatin'ny tetik'asa momban'ny sazy ;
- Tsy hiaraka amin'ny voafonja ivelan'ny fonja ;
- Tsy handray ny voafonja mandritra ny fotoam-pialan-tsasatra na aorian'ny sazy ;
- Tsy handray fanomezana avy amin'ireo voafonja.

Vokatry izany, dia mihanona fotsiny amin'ny fampiresahana, ao anatin'ny fifanajana ny maha izy azy sy ireo fahefany.

**Ny mpitsidika mpilatsaka antsitra-po dia mampilaza avy hatrany amin'ny Talen'ny fandraharahan'ny fonja raha mitranga ireto fisehoan-javatra manaraka ireto:**

- Loza mety hiantra amin'ny fiainan'ny voafonja na aminy
- Fikasan'ny gadra handositra ny fonja
- Heloka tsy nambaran'ilay voafonja hatreto

Amin'ny fotoana rehetra ny mpilatsaka antsitra-po dia afaka miresaka amin'ny tompon'andrikitry ny tetik'asa mba ho henohana, mihaino na miresaka olana iray manokana nitranga tamin'ny gadra iray. Izany fihaoanana izany dia miafara amin'ny fanaovana tatitra an-tsoratra.

Amin'ny fotoana rehetra, ny Komity mpitantana ny fikambanana izay ahitana ilay mpilatsaka antsitra-po dia afaka mampiantso fivoriana hanaovana tatitra amni'ny tombana.

Ny mpilatsaka antsitra-po dia tsy voatana ao anatin'ny tsiambaratelon'ny asa, fa kosa manana andraikitra amin'ny famatorana.

Ny fifandraisana eoamin'ny mpilatsaka antsitra-po sy ny voafonja dia tsy maintsy hampandalovina amin'ny Mpandraharan'ny fonja izay tafiditra indrindra amin'ny fanajana ny fitsipaka anatiny mifehy ny fonja. Amin'ny fotoana rehetra, ny mpilatsaka antsitra-po dia tsy mahazo manome ny momba azy (adiresy + laharan'ny telefona) amin'ny voafonja.

Ny entana, ireo taratasy na antontan-taratasy dia tsy afaka miditra na mivoaka amin'ny alalan'ny mpilatsaka antsitra-po. Raha ny marina, tsy afaka mandefa entana mihitsy izy amin'ny alalan'ny toeram-pamonjana.

Ny mpitsika dia malalaka amin'ny fampitsaharina tsy mila fampandrenesana ny maha mpilatsaka antsitra-po azy amin'ny fikambanany, ary ny voafonja aorian'ny fihaonany farany.

Mandritra ny fanaovany ny asan'ny mpilatsaraka antsitra-po, tsy misy fandraisana an-tanana azy ; maimaim-poana ny asa rehetra.

Ny mpikambana mpitsidika dia manaiky marina amin'ny alalan'ny fanaovana sonia ity Sata ity ka hanaja toy ny anakandriamaso ireo teboka voalaza eo ambony. Raha misy ny tsy fanajana ireo voalaza, ny mpitsidika dia halana tsy ho isan'ny mpikambana tsy misy fananarakarana ara-pitsarana.

# FIACAT

*FIACAT, dia fikambanana iraisam-pirenena tsy miankina amin'ny fanjakana miady ho amin'ny fiarovana ny zon'olombelona, niorina tamin'ny taona 1987, miady ho amin'ny famongorana ny fampijaliana sy ny fanameolhana ho faty. Ny Federasiona dia hivondronan'ireo fikambanam-pirenena manodidina ny telopolo, ireo ACAT, izay hita any amin'ny kontinanta efatra.*

### NY FIACAT DIA MISOLON-TENA IREO MPIKAMBANA AO AMINY EO ANIVON'IREO FIKAMBANANA IRAISAM-PIRENENA SY ISAM-PARITRA

Nahazo ny Satan'ny fakankevitra eo amin'ny Firenena Mikambana (ONU), ny Satan'ny fandraisana anjara eo anivon'ny Filan-kevitr'i Eraopa sy ny Satan'ny Mpanara-maso eo anivon'ny Vaomiera Afrikana momban'ny zon'olombelona sy ireo vahoaka (CADHP). Ny FIACAT dia tafiditra ihany koa eo anivon'ireo sampan'ny Vondron'ny tany miteny frantsay (OIF).

Amin'ny fitondrany izay tena mampanahy ny mpikambana ao aminy manoloana ny sehatra iraisam-pirenena, ny FIACAT dia mikendry ny fankatoavana ireo tori-marika manana ny maha izy azy sy ny fampiharan'ny governemanta izany. Ny FIACAT dia mandray anjara feno amin'ny fampiharana ireo Fifanarahana iraisam-pirenena momban'ny fanohanana ny zon'olombelona, ny tsy fampiharana ny fampijaliana any amin'ireo toerana maha very ny fahafahana, amin'ny tolona manohitra ny fanjavonana tsy hita faty sy miady amin'ny tsy maty manota. Mandray anjara ihany koa amin'ny ady amin'ny fanamelohana ho faty sady miangavy ireo Firenena mba hanafoana izany ao anatin'ny lalànany.

Mba ho henoina hatrany, ny FIACAT dia mpikambana mpanorina vondrom-pikambanana avy dia miasa, isan'izany ny Fiombonana iraisam-pirenena manohitra ny fanamelohana ho faty (WCADP), ny Fiombonana irasam-pirenena manohitra ny fanjavonana tsy hita faty (ICAED) sy ny Human Rights and Democracy Network (HRDN).

### NY FIACAT DIA MANAMAFY NY FIFANDRAISANY ARAK'ASA AMIN'NY ACAT MIISA TELOPOLO

Ny FIACAT dia manampy ireo fikambanana mpikambana amin'ny fanatsarana ny rafitra. Manohana amin'ny firosoan'ny ACAT ho isan'ireo mpisehatra manana ny lanja eo anivon'ny fiaraha-monim-pirenena, afaka mampita hevitra amin'ny vahoaka sy mampisy akony izany hetsika izany amin'ny manam-pahefana eo amin'ny fireny.

Mandray anjara amin'ny fameloma-maso ireo sampana amin'ny fanatsarana ny fifandraisana, amin'ny fanolorana fanofanana isam-paritra na iraisam-prenena sy finihavana itambarana amin'ny fidirana an-tsehatra. Faray, manohana ny asan'ireo ACAT sy mitondra ho azy ireo ny fanelanelana eo amin'ny sehatra iraisam-pirenena.



# ACAT MADAGASIKARA

*Ny ACAT Madagasikara dia fikambanana tsy miankina amin'ny fanjakana fantatra amin'ny fandraisana izay hilain'ny daholo be, nitsangana tamin'ny taona 1997 sy mifandray mivantana amin'ny FIACAT nanomboka tamin'ny taona 1998.*

Ny ACAT Madagasikara, amin'ny alalan'ny ivontoerana anohanana ara-pitsarana sy ny famerenana ireo voafonja any amin'ny fiaraha-monina, dia mandray an-tanana ny fampihavanana sy ny fanelanelana ny fifanolanana sasany sy manamparitaka ireo rijan-teny ara-pitisika sy ara-dalàna momban'ny zon'olombelona. Io ivontoerana io dia manolotra asa maharitra amin'ny fiaraha-miasa, fanorona, tosika amin'ny tantsoroka ara-pitsarana sy ara-tsaina sy sosialy ho an'ny voafonja.

Mikarakara ihany koa atrik'asa fanofanana, mitarika hiraka amin'ny fiarovana sy mandray anjara amin'ny filan-kevitra nasionaly amin'ny tetik'asa fanatsarana ny rijan-teny ara-dalàna.



Photo credit : CICR/MYOP



Photo credit : CICR/MYOP

*Natokana ho an'ny mpiasan'ny fitsarana, ny mpiasan'ny fonja, ireo mpisehatra eo anivon'ny toeram-pamonjana (mpikambana amin'ny vondron'ny fiaraha-monim-pirenena, mpiasa ara-tsosialy, mpivavaka), hoan'ny olom-pirenena rehetra mametra-panontaniana momban'ny zon'ny voafonja, ity antontan-kevitry ity dia manazava ny dingana tokony hataon'ny voaheloka manomboka amin'ny fitanana am-ponja mialohan'ny fotoam-pitsarana ka hatramin'ny fahafahany ny fonja.*

*Tena fitaovana fiarovana ireo olona voafonja mihoatra izay avelan'ny lalàna, ity torolalana ity no fitaovana tena ilain'ireo olona mifandray, na antomotra na lavitra, amin'ny tontolon'ny fonja*

Graphic design : izumi - byizumi.com

**FIACAT**

96 boulevard de la Libération
94300 Vincennes - France

Tél : +33 (0)1 58 64 10 47
Mailaka : fiacat@fiacat.org
Site web : www.fiacat.org

**ACAT MADAGASCAR**
Lot : III U 152 T Bis X
Anjanakilahy Anosizato
Est Antananarivo
102 Madagascar (Madagasikara)
Mailaka : acatmadagascar@yahoo.fr

*Ity tahirin-kevitra ity dia tontosa nohon'ny fiaraha-miasa sy ny fanampian'ny « Agence Française de Développement ».*
*Ny vontoatin'ity tahirin-kevitra ity dia mipetraka no andraikitry ny FIACAT sy ny ACAT Madagasikara irey ihany ary tsy azo heverina amin'ny fomba rehetra fa taratry ny tsangan-kevitra hijoroan'ny « Agence Française de Développement ».*